Fampitam-baovao N°YY/XX
AMPITAINA AVY HATRANY
11 jona 2019

Fonds monétaire international
Washington, D.C. 20431 USA

# Notontosain'ny sampan-draharahan'ny FMI ny iraka nanaovana tombana faha-5 ny fandaharan'asa tohanan'ny FEC eto Madagasikara

Ny famoaham-baovao amin'ny famaranana ny iraka ataon'ny teknisiana ao amin'ny FMI dia mirakitra fanambarana mitatitra ny fehinkevitra santatra nataony rehefa avy nitsidika firenena iray izy ireo. Ny hevitra hita amin'izany fanambarana izany dia hevitr'ireo teknisiana ao amin'ny FMI ireo ihany ka tsy mamatotra ny sampan-draharahan'ny FMI ary tsy voatery haneho ny hevitry ny Filan-kevim-pitantananan'ny FMI. Raha toa ka ankatoavin'ny Fitantanana ao amin'ny FMI, dia io fehin-kevitra santatra io no hamolavolàna tatitra izay hoentina eo anivon'ny Filan-kevim-pitantana hanaovana fanadihadiana sy handraisana fanapahan-kevitra.

- Tontosa ny iraka faha-5 nataon'ny FMI nanaovana tombana ny fandaharan'asa fanarenana ny toekaren'i Madagasikara izay tohanan'ny famatsiam-bola Facilité Elargie de Crédit (FEC).
- Heverina hihoatra ny 5 isan-jato ny fiakaran'ny harin-karena amin'ity taona ity, izay azo itarafana ny fiakaran'ny fampiasam-bolam-panjakana sy ny fanomezan-danja ny fihariana ataon'ny sehatra tsy miankina.
- Ny tetikasan'ny fitondram-panjakana hampitombo ny fampiasam-bolam-panjakana sy ny famoaham-bola hanohanana ny sehatra sosialy dia miankina indrindra amin'ny ezaka hampitomboana ny fidiram-bola sy hampihenana ny fandaniana izay heverina fa tsy laharam-pahamehana, singanina amin'izany ny fanohanana ara-bola eo amin'ny sehatry ny mpaninjara solika sy ny famatsiana herin'aratra.

Nanatontosa iraka teto Antananarivo ny teknisiana avy amin'ny FMI, notarihan'ny Lehibeny ho an'i Madagasikara Charalambos Tsangarides, ny faha-29 may ka hatramin'ny faha-11 jiona. Nisy ny dinika nifanaovan'izy ireo tamin'ny tompon'andraiki-panjakana nanaovana tombana ny fandaharan'asa fanarenana ny toekaren'i Madagasikara izay tohanan'ny FEC vatsian'ny FMI[1].

Toy izao ny fanambarana nataon'Atoa Tsangarides tamin'ny fiafaran'ny iraka :

« Dingana lehibe no vita taorian'ny fifampidinihina ary mbola hitohy izany amin'ny fitondrana ity tombana ity eo anivon'ny Filan-kevi-pitantanan'ny FMI ato ho ato.

Miha-tsara hatrany ireo fepetra takian'ny fanarenana ny toekarena ary maha velom-bolo ny ho avy amin'ny fihariana faobe. Tamin'ny taona 2018 dia nahatratra 5,2 isan-jato ny fisondrotry ny harin-karena izay nateraky ny firoboroboan'ny famokarana eny ambanivohitra sy ny fampiasam-bola. Na dia teo aza ny fiakaran'ny vidin-tsolika teo amin'ny tsena iraisam-pirenena, dia nisy fihoarana hatrany ny "compte courant" satria nitombo be ny azo tamin'ny fanondranana lavanila sy ny vokatry ny harena ankibon'ny tany. Taorian'ny fiakarana nandritra ny taona 2017 dia tsapa ny fijotsoan'ny sondro-bidim-piainana hatramin'ny 6,1% tamin'ny faran'ny taona 2018. Ho an'ny taona 2019 dia mbola ho tsara hatrany ny fivoaran'ny toekarena ary ho marin-toerana ambonin'ny 5% ny fisondrotry ny harin-karena. Tohana hahatratrarana izany ny fampiasam-bola, ny fanondranana entana mankany ivelany, ary ny fihatsarana eo amin'ny sehatry ny angovo sy ny fanorenana.

« Nahafa-po ny fanatanterahana ny fandaharan'asa tohanan'ny FEC hatramin'ny fiafaran'ny taona 2018 ary inoana mizotra araky ny tokony ho izy ny amin'ny taona 2019. Nahatratra ny mason-tsivana rehetra ahafahana manatsara ny fihariana ny fitondram-panjakana tamin'ny fiafaran'ny taona 2018 na dia teo aza ny lesoka kely tamin'ny fampidiram-bola avy ao anatiny. Na izany aza, tsy tratra ny tanjona hamatsiam-bola ireo fandaniana hanatsarana ny lafiny sosialy miainga amin'ny fidiram-bola anatiny. Ny Banky foibe dia nahomby teo amin'ny fananana tahirim-bola vahiny izay ambony noho izay efa fahita hatramin'izay. Nisy fivoarana ny fanajan'ny mpitondra ireo tetiandro tamin'ny fanarenana fototra na dia somary niadana noho izay niheverana azy aza izany. Etsy andaniny anefa, ny fahataran'ny fanitsiana ny vidin-tsolika eny amin'ny mpanjifa manoloana ny fiakaran'ny vidiny eo amin'ny tsena iraisam-pirenena dia mampitombo ny

[1] Ny fandaharan'asan'ny Madagasikara tohanan'ny FEC dia neken'ny Filan-kevim-pitantanan'ny FMI tamin'ny volana Jolay 2016. Ny FEC dia fifanarahana fampindramam-bola mitaky ny fanajana ny teny nomena voarakitra ao anatin'ny fandaharan'asa lavitr'ezaka, rehefa misy ny olana maharitra eo amin'ny fifandanjan'ny fifanankalozana ara-toekarena amin'ny any ivelany na "balance de paiements"

vola tokony hamenoana ny banga hanonerana ireo mpaninjara solika izay mety hisy fiantraikany ratsy eo amin’ny toe-bolam-panjakana.

Ny FMI dia mankasitraka ny fandraisan'andraikitry mpitondra, ao anatin’ny Politika ankapoben’ny Fanjakana hanafaingana ny fanarenana ny toekarena, hanatsarana ny fitantanam-panjakana ary hanamafy ny ady amin’ny fahantrana izay tafiditra ao anatin’ny fandaharan’asa tohanan’ny FEC. Ny fanatsarana ny fampidiram-bola avy ao anatiny dia miankina tokoa amin’ny famaliana ireo laharam-pahamehana ireo. Anisan’izany koa ny fandinihina ireo fandaniana eo amin’ny lafin’ny hetra sy ny fepetra mikasika ny fanomezana alalana tsy handoavan-ketra. Eo koa ny famehezana ny fandaniana izay heverina ho tsy laharam-pahamehana tahaka ny fanohanana ara-bola ireo sehatra mpaninjara solika sy famatsiana herin’aratra. Mbola ambany hatreto ny fanatanterahana izay voarakitry ny Teti-bolam-panjakana ho an’ny taona 2019. Ny lalàna mifehy ny teti-bola nasiam-panitsiana farany teo kosa dia ahafahana manatsara ny endriky ny fandaniam-bolam-panjakana, amin’ny fanomezana vahana ny fandaniana mahakasika ny fananganana ny foto-drafitr’asa, ny fahasalamana ary ny fanabeazana. Manoloana ny fihenan’ny sora-bola ankapoben’ny teti-bolam-panjakana izay voafetra ihany, ny fisafidianana ho laharam-pahamehana ireo tetikasa fampiasam-bola, sy ny fanaraha-maso ny fampiasana araka ny tokony ho izy ny vola notrosaina dia antoka lehibe hanohanana ny fientanan’ny toekarena.

Ny FMI dia manohana ny hanohizana ny dinika efa mandeha eo amin’ny fanjakana sy ny mpandraharahan’ny solika mba hahafahana mametraka drafitra mamaritra ny vidin-tsolika. Ny fandrafetana ireo vidin-tsolika vaovao no zava-dehibe mialohan’ny fandaminana ny fanonerana ireo mpivarotra solika. Amin’ny ho avy, mba hisorohana ny fanonerana ireo mpivarotra solika, ny FMI dia mampirisika ny mpitondra hamaritra vidin-tsolika mifanaraka amin’ny mason-karena, manaraka ny fivoaran’ny vidin-tsolika eo amin’ny tsena iraisam-pirenena fa miara-dalana amin’izany koa ny fepetra hitsinjovana ireo sokajin’olona tena sahirana manoloana ny fiantraikan’ny fanitsiana vidin-tsolika. Ilàna fanatsarana ny fitantanam-bola ao amin’ny JIRAMA mba tsy ho vesatra amin’ny volam-panjakana ity orinasa ity. Hatsaraina ny fidiram-bolany sy ny fitantanana, ary tafiditra amin’izany ny fanamafisana ny ady amin’ny hosoka. Ny FMI dia manohana ny fepetra hampihenana ny fandaniana izay mety azo avy amin'ny famerenana ny fifampidinihina ny fifanarahana amin’ireo mpamatsy herin’aratra sy solika an'ny JIRAMA.

Ny mpitondra fanjakana sy ny iraky ny FMI dia nifanaiky amin’ny hanohizana ny fanatsarana ny fitantanana sy ny tontolon’ny fandraharahana, ao anatin’izany ny fanamafisana ny ady amin’ny kolikoly, tanjona lehiben’ny fanjakana vaovao sy ny

fandaharan'asa tohanan'ny FEC. Araka izany ny fankatoavana volavolan-dalàna hamerenana ireo harena azo tamin'ny fomba tsy ara-dalàna dia tena laharam-pahamehana maika hameno ny lalàna hiadiana amin'ny kolikoly. Ny FMI dia mankasitraka ny ezaky ny fanjakana mba hanatsarana ny lamina eo anivon'ny Banky foibe hanamafisana orina ny politika ara-bola hampivoarana ny fandraharahana ara-bola. Torak'izany koa ny eo amin'ny Ministeran'ny Toekarena sy ny fitantanam-bola mba hifehezana ny mety ho tsy fahatomombanana eo amin'ny fitantanambolam-panjakana (risques budgétaires) ka hanadiovana ny fanaovana ny fifanekena ara-barotra miaraka amin'ny fanjakana (passation de marché public).

Ny iraky ny FMI dia nihaona tamin'ny Praiminisitra Christian Ntsay, ny Minisitry ny Toekarena sy ny Fitantanam-bola Richard Randriamandrato, ny Ministry ny Angovo sy ny Rano ary ny Akoran'afo Vonjy Andriamanga, ny Governoran'i Banky Foiben'i Madagasikara Alain Rasolofondraibe ary ireo tompon'andraiki-panjakana ambony hafa sy ireo mpiara-miombon'antoka amin'ny fampandrosoana.

Ny iraky ny FMI dia misaotra ireo tompon'andraiki-panjakana noho ny fiaraha-miasa ankitsi-po nasehon'izy ireo sy ny dinika mitondra mankany amin'ny fanatsarana.